REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

FILAZANA

mikasika ny fanalavana ny fe-potoana hamaliana ny taratasy fampahafantarana voalohany momba ny fisavana ara-ketra

Ao anatin'ny paika arahina amin'ny fisavana sy ny fanarenana ifanatrehana voalazan'ireo andininy 20.06.21 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny Hetra dia manome fanalavam-potoana manokana telopolo andro katroka ho an'ireo Orinasa izay nanaovana fisavana ara-ketra · mba ahafahan'izy ireo "mampahafantatra ny fankatoavany na hanomezany ny fanamarihana" ho entiny mamaly ireo taratasy fampahafantarana voalohany nomena azy ireo.

Io fanalavam-potoana io dia manomboka amin'ny daty fahataperan'ny fe-potoana ara-dalàna telopolo andro araka izay voalazan'ireo andininy 20.06.21 ter sy 20.06.24 ao amin'io Fehezan-dalàna io. Raha atambatra izany ny fe-potoana omena ireo Mpandoa hetra nanaovana fisavana ara-ketra dia tsy tokony hihoatra ny enim-polo andro katroka manomboka ny daty naharaisany ny taratasy fampahafantarana voalohany, na taloha na taorian'ny nivoahan'ity Filazàna ity.

Izao fepetra manokana izao dia mahakasika irery ihany ireo fanamarinana an-taratasy sy/na ireo fanamarinana eny an-toerana momba ny taom-piasana 2021-2020-2019 tsy maty paik'andro ary efa nanaovana fampahafantarana voalohany, farafahatarany ny faha 31 desambra 2022.

Antananarivo, faha 27 DEC 2022

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
Inspecteur des Impôts